VONDRONA HAMPANJAKANA NY DEMOKRASIA ETO MADAGASIKARA (VHDM)

Fihaonana amin'ny mpanao gzety

Alakamisy 12 jolay 2012

Hotel Kamoula

NIFORONA NY VHDM MANOLOANA NY TSY FAHOMBIAZAN'IZAO FITONDRANA TETEZAMITA IZAO :

Fanosihosena ireo soatoavina fototrin'ny demokrasia

Fanaovana tantely afa-drakotra ny harem-pirenena

Tsy fahaiza-mitantana niteraka ny krizy politika, sosialy, ekonomika eto amin'ny firenena ankehitriny : fihitaran'ny fitondrana tetezamita tsy misy farany , tsy fandriampahalemana, fitotonganan'ny toe-karena, fitokonana maro samy hafa, fahaverezan'asa indrindra ho an'ny tanora maro, tsy fanjariana manodidina ny ara-pahasalamana sy ny sisa

NOHO IZANY NY HERY VELONA REHETRA MIKAMBANA ATO AMIN'NY VHDM DIA :

Mitaky ny fialan'izao fitondrana tetezamita izao ka hanentanany ny vahoaka Malagasy rehetra mitovy hevitra aminy hanohana izao tolona izao ka ahazoana manangana tetezamita tena izy hamarana haingana izao krizy mampitondra fangirifiriana lalina ny mpiray tanindrazana izao. Fitondram-panjakana handala ny fahamarinana, hampisy ny fitoniana marina, hisahana ny fampihavanam-prenena ary hanomana ny fifidiana madio, eken'ny rehetra

Manohana ny ezaka ataon'reo Raiamandreny ara-panahy ao amin'ny FFKM ny VHDM amin'ny firosoana eo amin'ny fifampidinihan'ny samy Malagasy (dialogue malgacho-malgache) ahazoana mametraka izany rafi-pitondrana izany

Hanao hetsika hanentanana ny vahoaka Malagasy tsy ankanavaka ny VHDM amin'ny Sabotsy 14 jolay 2012 eny amin'ny kiajan'Ambohijatovo manomboka amin'ny 11 ora. Tsy mijanona izany hetsika izany raha tsy efa tratra ny tanjona dia ny fialan'izao fitondrana tetezamita izao.

FISAORANA FENO HO AN'NY REHETRA